



n° 71

Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Septambra 2026

INONA NO VAOVAO MIKASIKA NY ADY AMIN'NY HALATRA TRONDRO ?



Itasy

**Mitoroka ny tranga
mikasika halatra trondro
hahazoana onitra (P.6)**

Atsimo Atsinanana

**Miady amin'ny halatra
ho fiantohana ny
hoavin'ny fiompiana
trondro**

(P. 6)

Matsiatra Ambony

**Miara-miasa
hampihenana ny
tranga mikasika
halatra trondro**

(P. 5)



SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Anisan'ny olana lehibe mpahazo ny mpiompy trondro ny halatra sy ny hasomparana. Efa ho 8 taona izao no niarahantsika niady tamin'io loza io teo amin'ny ambaratonga maro : ifotony, eo anivon'ny faritra, manerana ny Nosy.

Ny taona 2020, tao amin'ny FMT n° 45, no niresahana voalohany io lohahevitra io sy ny vahaolana tamin'izany. Enina taona aty aoriana, nivoatra ny zava-misy vokatry ny fidiran'ny rehetra an-tsehatra. Ity laharana ity araka izany no izarana ireo vokatry sasany azo tato anatin'ny taona vitsivitsy. Araka izany, ny ankamaroan'ny lahatsoratra ato dia maneho ireo vokatry ny dinika an-databatra boribory mikasika ny rojom-pihariana nokarakarain'ny APDRA, tany amin'ny fari-piasany, niaraka tamin'ny DRPEB. Nahitam-bokatra maro ny fampifandraisana sy ny dinika teo amin'ny mpiompy trondro sy ireo mpisehatra hafa, na dia indraindray aza tsy mifandray mivantana amin'ny fiompiana trondro (ny mpitandro filaminana, ny solon-tenan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, ny sampan-draharaha ara-teknika mahaleo tena na koa ny mpivarotra).

Hohitanareo ao anatin'ity laharana ity ny zava-misy ankapobeny mikasika ny ady amin'ny halatra trondro eto Madagasikara nandritra ity taona 2026 ity. Tany amin'ny faritra ohatra, asehon'ny Fitaleavam-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Amoron'i Mania ny asa niarahany tamin'ny mpisehatra hafa. Mizara ny traikefan'ny Vondron'ny Mpamokatra trondro Rejionaly (VMR) ny filoha mpitarika izany. Asongadin'ny lahatsoratra manaraka kosa ny fepetra noraisin'ireo vondrona tao amin'ny faritra maro (Vakinankaratra, Itasy, Atsinanana, Atsimo Atsinanana, Analamanga) hiadiana amin'ny halatra manjo azy ireo.

Inoanay fa ity laharana ity no hahazoan'ny tsirairay tsirin-kevitra amin'ny ady ataony amin'io olana io, olana mbola mampikatso ny fandrosoan'ny fiompiana trondro na dia eo aza ny fivoarana hita mivaingana.

Ny ekipan'ny FMT

LOHAHEVITRA : Inona no vaovao mikasika ny halatra trondro ?

Ny halatra trondro : sakana lehibe amin'ny fampandrosoana maharitra

Ny halatra trondro ompiana (trondro matavy, zana-trondro, ray aman-drenin-trondro) dia tsy mitovy amin'ny fakàna trondro hita eny amin'ny natiora eny : tena halatra fananan'olona izay nampiasany vola betsaka sy fahaiza-manao miavaka ary nandaniana fotoana izy io.

Fiantraikany ara-toekarena, ara-tsakafo, ara-piaraha-monina sy ara-tsaina lehibe.

Ho an'ny mpamokatra, mahafaty antoka azy sy mamotika asa amam-bolana maro nohon'ny asa fikarakarana zana-trondro, famahanana sy fanaovana fotodrafitrasa ny halatra. Mampikorontanana ny fiaraha-monina ihany koa izany satria ankoatra ny fahavoazana ara-pitaovana, manimba firaisankina. Manjaka ny tsy fifampitokisana, tsy sahy mitory aza ny olana sasany vokatry ny tahotra valifaty na ny fitsimbadihan'ny raharaha. Eo amin'ny lafin'ny fanjarian-tsakafo anefa, miantoka ny fahavitan-tenan'ny tantsaha ny fiompiana trondro (indrindra ny tilapia sy ny karpa). Miverimberina

loatra ity halatra ity ka mety tena hampihena ny fahazoan'ny mponina loharanona proteina ara-kalita maharitra.

Tarehimarika mikasika ny halatra

Isan-taona ny APDRA dia manao jery todika ny tranga mikasika halatra taterin'ny ekipany mba hanombanana sy hanentanana ny manam-pahefana amin'ny fiantraikan'ny halatra eo amin'ny toekarena. Tsy ny tranga mikasika halatra trondro rehetra no tafiditra ao fa ireo izay avy amin'ny mpiompy trondro tohanan'ny APDRA ihany.

Araka izany, ny taona 2025 fotsiny, tao amin'ny faritra 6 (Analamanga, Itasy, Vakinankaratra, Atsinanana, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony), dia nahitana :

- Tranga mikasika halatra na hasomparana 101 teny amin'ny mpiompy trondro ;
- Fatiantoka mivantana vinavinaina ho tilapia sy karpa matavy 1 taonina, zana-trondro 168 000 sy renin-trondro 226 isa. Izany hoe matiantoka aman'arivorivony sy aman-tapitrisany Ariary maro ny tompoan'ny trondro ;
- Raha atambatra ny vidin'ny trondro very, indrindra ny zana-trondro tokony ho azo tamin'ny renin-trondro, sy ny fatran'ny trondro vaventy tokony ho azo, dia vinavinaina ho 638 tapitrisa Ariary ny fatiantoka lehibe nihatra tamin'ny toekarena malagasy.
- Raha azo natao ny nanambatra ny tranga tany amin'ny mpiompy trondro rehetra isam-paritra manerana ny Nosy dia mihoatra lavitra noho ireo ny tarehimarika.

Ankoatra ny tohana ara-teknika : arovana ny fampiasam-bola

Asehon'ireo tarehimarika ireo fa tsy ampy intsony ny fanohanana ara-teknika fotsiny ireo mpamokatra ; tsy azo



©APDRA 2025

Fivorian'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana mikasika ny ady amin'ny halatra trondro tao Amoron'i Mania

LOHAHEVITRA : Inona no vaovao mikasika ny halatra trondro ?

iodivirana araka izany ny fiarovana ny fampiasam-bolan'izy ireo. Tena laharam-pahamehana ny fiantohana fiaraha-monina azo antoka sy ny famerenana fitokisana mba hampilamin-tsaina ny mpiompy trondro ankehitriny, hamporisihana ny tetikasa vaovao sy ny taranaka mifandimby.

Izany indrindra no antony amondronan'ny mpiompy trondro sy ny mpisehatra hafa hery amin'ny ady amin'ny halatra sy

izay mety ho endrika fisomparana. Na dia mihena aza ny tranga amin'ny faritra sasany, mitombo izany any amin'ny hafa. Manainga amin'ny fivoahana amin'ny fahanginana sy ny fiaraha-manohy ny ady amin'ireo asa ratsy ireo araka izany ny lahatsoratra ato anatin'ity laharana ity mba hampilamina sy hampirindra ny fandrosoan'ny seham-pihariana.

Amoron'i Mania

Manamafy ny ady amin'ny halatra trondro ho fiarovana ny mpiompy trondro

Hatramin'ny 2019, mametraka lamina hiadiana amin'ny halatra trondro ny faritra Amoron'i Mania. Miresaka ny fepetra noraisina niaraka tamin'ny mpisehatra eo amin'ny lalam-pihariana trondro hiarovana ny mpiompy sy hanamafisana ny fiompiana trondro ny Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga.

Ao amin'ny faritra Amoron'i Mania, anisan'ny sakana lehibe amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ny halatra trondro. Ho an'ny mpamokatra, miteraka fatiantoka ara-bola goavana izany ary mamotika ny ezaka fampiasam-bola amin'ny tanimbary sy dobo fiompiana trondro.

Hoy ny talem-paritra : « Nanomboka tamin'ny 2019 ny asa voarindra voalohany tamin'ny fanaovana dinika an-databatra boribory maro niaraha-nanatanteraka tamin'ny APDRA. Nampivondrona ny manam-pahefana teo amin'ny faritra, ny sampan-draharaham-panjakana, ny vondrom-bahoaka ifotony, ny mpitandro filaminana, ny fokontany, ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ary ireo mpiompy trondro, izany. »

Taorin'ireo fifanakalozana ireo, fepetra maro no napetraka, nampisongadina :

- Ny fanentanana ny mpiara-monina tamin'ny alàlan'ny fampielezam-baovao tamin'ny haino aman-jery, indrindra ny radio ary ny fanetsehana ny manam-pahefana sy ny mpitandro filaminana ifotony
- Ny famarotana eo anivon'ny seha-pihariana. Araka izany, nanapa-kevitra hametraka karine fivarotana trondro ny mpisehatra teo amin'ny faritra raha karatry ny mpiompy trondro kosa no napetraky ny Fanjakana, izay maneho ny fifamenoan'ireo asa isan'ambaratongany.

Hatramin'ny 2024, mbola niarahana tamin'ny APDRA ihany, miditra anaty dingana vaovao ny ady. Ny fanapariahana ny lalàna sy ny sazy ankehitriny no laharam-pahamehana, ny fanisana mpiompy trondro isaky ny kaominina sy ny famantarana ireo fari-drano ao anatin'ny faritra, hanavahana ny jono amin'ny asa fiompiana trondro. Nandray anjara tamin'ireo fivoriana fanaon'ny ben'ny tanàna isam-bolana isaky ny distrika ny DRPEB sy ny APDRA mba hipariahan'ny vaovao sy ny fitaovana enti-miady amin'ny halatra trondro amin'olona maro.

Ho an'ny DRPEB, fiaraha-misalahy no miantoka ny fahombiazana. Ao anaty faritra izay ahitana mpiompy trondro 3 000 mahery, samy manana ny andraikiny araka izany ny mpisehatra tsirairay.



Onjamalala Randrianarivony (eo ankavia), Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Amoron'i Mania

Amoron'i Mania

Ny Vondrona Mpiompy Rejionaly (VMR) sy ny ady amin'ny halatra trondro

Anisan'ny olana lehibe mahazo ny mpiompy trondro ao amin'ny faritra Amoron'i Mania ankehitriny ny halatra trondro. Niresaka tamin'ny FMT ny asa natao hiadiana amin'io loza io i Ndrema Pierre Aloson Gérôme Gabriel, antsoina hoe « Ndrema », filohan'ny VMR, ao Ambositra II.

FMT : Inona no asa lehibe nataonareo tao amin'ny faritra hiadiana amin'ny halatra trondro ?

Ndrema : Betsaka ny asa natao. Voalohany ny fanamafisana ny firaisankinan'ny mpiompy trondro teo anivon'ny tanàna maro. Mivondrona ny mpiompy trondro hiantohana ny fiaraha-miambina sy hiarovana miaraka ny asa fiompiana ataony. Tsy nijanona teo an-toerana ny fifandaminana :

manana rafitra eo anivon'ny kaominina sy faritra ihany koa ny mpiompy trondro handrindrany ny asa. Ohatra, raha iharan'ny halatra ny mpiompy iray dia atao amin'ny anaran'ny fikambanana ny fitoriana mba hanan-danja bebe kokoa. Ankoatra izay, miara-miasa akaiky amin'ny manam-pahefana ara-panjakana sy ara-pitsarana maro izahay. Nangataka fanamafisana ny fanaraha-maso ny karatry ny mpiompy trondro

LOHAHEVITRA : Inona no vaovao mikasika ny halatra trondro ?

sy ny fametrahana karinem-pamarotana eo amin'ny tsena ihany koa izahay, hahazoana antoka tsara ny fiavian'ny trondro amidy.

FMT : Iza avy ireo manam-pahefana manohana anareo ao anatin'io ady amin'ny halatra trondro io ?

Ndrema : Betsaka izy ireo ary efa resy lahatra amin'ny lanjan'ny fiompiana trondro eo amin'ny fampandrosoana ny faritra misy anay. Nanao asa fanentanana goavana izahay mba hahazoan'izy ireo ny fiantraikan'ny halatra amin'ny mpamokatra.

Anisan'ny mpiara-miombon'antoka lehibe ny solombavambahoaka, ny sefo distrika, ny Prefektioran'ny Faritra, ny mpitandro filaminana, ny ben'ny tanàna, ny DRPEB, ny tribonaly sy ny sefo fokontany.

FMT : Inona no hafatra tianao ampitaina amin'ny mpamaky ny gazety ?

Ndrema : Manasa ny mpiompy trondro rehetra aho hihevitra fa tsy vitan'olon-tokana ny ady amin'ny halatra trondro. Mila manambatra hery isika, manohy ny firaisankina sy ny asa

fanentanana ary mifanaitra raha sendra tranga mikasika halatra voamarina.

Faranako amin'ny ohabolana malagasy manao hoe : « *Ny mitabe tsy lanin'ny mamba* ». Io firaisankina io no fiadiana tsara indrindra entintsika miaro ny fiompian-tsika sy mampaharitra ny fandrosoan'ny fiompiana trondro ato anatin'ny faritra misy antsika.



Manazava ny ady amin'ny halatra trondro ny filohan'ny VMR nandritra ny fitsidihana fifanakalozana nataon'ireo mpiompy trondro tohanan'ny tetikasa AMPIANA 3

Atsinanana

Manamafy lamina hampahomby kokoa ny ady amin'ny halatra

Nanamafy ny fandaminana ao aminy ny fikambanana Mandresy ao Amboditavolo hanatsarana bebe kokoa ny ady amin'ny halatra trondro.

Taorian'ny fitsidihana fifanakalozana natao tao Ambositra tamin'ny volana aogositra 2025 no nahitan'ny mpikambana fa zava-dehibe ny fananan'ny fikambanana tantsaha rafitra tsara. Namporisika ny fikambanana hivelatra sy hanamafy ny rafitra izany mba hitomboany lanja.

Tao Amboditavolo no niainga ny fikambanana ary nahitana mpikambana 7, mpiompy trondro manodidina ny efapolo ao anaty kaominina maromaro ankehitriny no avondrony. Hoy ny filohany, Ndrenambinina Fenomamy Basile : « *Manome hery ny mpiompy trondro ny fidirana ao amin'ny fikambanana Mandresy ary mampihena ny halatra izay nateti-pitranga teto amin'ny kaominina.* »

Mba isorohana ny halatra dia manao fanentanana ny fikambanana mandritra ny fivoriana fanaon'ny kaominina, ny fokontany ary ny tanàna. Nampahafantarina tamin'izany ny fisy fampahafantarana ny sazy mifanaraka amin'ny halatra, miampy fanazavana ny lalàna, ny sazy sy ny lamandy mihatra. Rehefa misy halatra voamarina, tokony hisy fitoriana apetraka amin'ny anaran'ny fikambanana ahazoana miaro tsara ny mpikambana niharany sy manamafy ny dingana eny

amin'ny manam-pahefana, araka ny fomba fanao hita tany amin'ny faritra Amoron'i Mania.

Hatramin'ny janoary 2026, tsy nahenoana tranga mikasika halatra trondro tao amin'ny kaominina efatra voasahana. Mivory indray mandeha isam-bolana ny mpikambana hifanakalo hevitra mikasika ny zava-misy ; isan-taona no anaovana fivoriam-be ary azo atao ny miantso fivoriana maika raha misy olana.



Ndrenambinina Fenomamy Basile, filohan'ny fikambanana Mandresy

Vakinankaratra

Miompy trondro ao anaty sahan-driaka iray hanamorana ny fiambenana

Nampijaly ny faritra Belanitra, kaominina Ambohimasina, distrikan'i Betafo, ny halatra trondro. Taorian'ny fanentanana nataon'ny mpiompy trondro roa no tapa-kevitra hanao fiompiana ao anaty lemaka iray ny mponina mba hiarovana ny trondron'izy ireo.

Mpiompy roa avy ao Belanitra no nandray anjara tamin'ny fitsidihana fifanakalozana nokarakarain'ny APDRA tao Itasy tamin'ny desambra 2025. Nikarakara fihaonana izy ireo rehefa tafaverina ka nijoro vavolombelona fa

tantsaha maro no mivelona amin'ny fiompiana trondro ao Itasy. Notsindriany fa tena mampidi-bola io asa io ary azo ampiharina tsara ao amin'ny faritra misy azy ireo ny zavatra hitany tany.



LOHAHEVITRA : Inona no vaovao mikasika ny halatra trondro ?

Nanapa-kevitra ny hiompy trondro avy hatrany ny ankamaroan'ny mpanatrika io fihaonana io. Nandritra ny fiaraha-mitady vahaolana amin'ny halatra trondro no nanapahan'izy ireo hevitra amin'ny hampivondronana ny fiompiana trondro miala vary ataon'izy ireo. Voafidy ny tao Atsinanan'i Mahazoarivo satria akaiky tanàna sady mahatsara ny fitantanana-drano. Nisy ihany koa zokiolona roa nanana tanimbary sy liana tamin'ny fiompiana trondro nampindrana ny tanimbariny sasany ho an'ireo fianakaviana izay te hiompy trondro. Te hiompy trondro izy ireo saingy tsy afaka miambina amin'ny alina. Manampy amin'ny fahazoana miompy trondro sy miasa araka izany izy ireo.

Fianakaviana miisa 8 araka izany no nanambatra ny fiompiany ao anatin'io saha io. Samy mikarakara ny tanimbariny sy ny fiompiany ny fianakaviana tsirairay raha iantohan'ny rehetra ny fiambenana. Nifanaraka izy ireo fa hanorina trano kely fiambenana. Ifandimbiasana ny fiambenana amin'ny alina, izay afaka kosa no manao ny antoandro. Vokatry ny fahavitrihany sy ny fiaraha-

miasany dia afaka nampihatra haingana ny fiompiana trondro ny vondrona na teo aza ny olan'ny halatra.



Tanimbary fanatavizana trondro ao Atsinanan'i Mahazoarivo

Matsiatra Ambony

Miara-miasa hampihenana ny tranga mikasika halatra trondro

Ratsizafy Edmond, Ben'ny tanàna ambanivohitr'i Besoa, no hizara amintsika ireo dingana narahiny nahafahana nifehy ny halatra trondro tao amin'ny kaominina tantanany.

FMT : Ahoana no fahitanao ny fivoaran'ny halatra trondro eto Besoa hatramin'ny taona 2018 ?

Ny Ben'ny tanàna : Nanomboka niasa teto Besoa ny APDRA tamin'ny 2018 tamin'ny alàlan'ny tetikasa PADM ary nivoatra ny fiompiana trondro. Nirongatra anefa ny halatra trondro nanomboka tamin'ny taona 2020. Ny mpamokatra zana-trondro no tena lasibatra.

FMT : Inona no asa nataonareo hiatrehana ny halatra ?

Ny Ben'ny tanàna : Efa nisy fikaonan-doha niarahana tamin'ny mpiompy trondro nandritra ny tetikasa PADM, saingy tsy nahitam-bokatra mivaingana ary nitombo be ny

halatra tamin'ny 2024 taorian'ny fahataperan'ny tetikasa. Tamin'ny 2025, niantso ny andrimasom-pokonolona sy ny sefo fokontany ary ny DRPEB sy ny mpitandro filaminana izahay hanentanana mikasika ny lalàna sy ny sazy mifandraika amin'ny fiompiana trondro.

Nandritra ny atrikasam-paritra mikasika ny halatra trondro tao Fianarantsoa tamin'ny febroary 2026 no nizaranay io olana io tamin'ny manam-pahefana eo anivon'ny faritra sy nangatahanay tohana hampidirana ny fiompiana sy ny halatra trondro ao amin'ny faritra iadidian'ny Soa Miray Dia. Misahana ny fampiharana ny dina eo anivon'ny distrikan'Ambalavao io rafitra ara-piaraha-monina io, manampy ny mpitandro filaminana. Malaza sy hajain'ny mponina izany rafitra izany ary lasa mpampita tsara ny resaka sy ny asa.

Taorian'izay dia nitohy ny fanentanana ifotony niaraka tamin'ny Soa Miray Dia, ny kaominina sy ny APDRA, nanerana ny fokontany rehetra teto Besoa.

FMT : Inona no niova taorian'ireo asa rehetra ireo ?

Ny Ben'ny tanàna : Hitanay ankehitriny fa nihena ny tranga mikasika halatra trondro. Fitarainana mikasika trangana halatra iray ihany no voarainay tato anatin'ny volana maromaro, vetivety dia tratra ilay mpangalatra ary nanome onitra izay niaran'ny halatra. Hatreto, toa nahazoam-bokatra tsara teo amin'ny fampiharana ny lalàna sy ny dina ny fidirana an-tsehatry ny mpiompy trondro, teo anilan'ny manam-pahefana sy ny fiaraha-monina ifotony tamin'ny alàlan'ny Soa Miray Dia.



Fivoriana miaraka amin'ny ben'ny tanànan'i kaominina Besoa

LOHAHEVITRA : Inona no vaovao mikasika ny halatra trondro ?

Itasy

Mitoroka ny tranga mikasika halatra trondro hahazoana onitra

Taorian'ny fanentanana natao tamin'ny mpisehatry ny rojom-pihariana trondro, sahy nametraka fitarainana mikasika ireo nangalatra sy nanapoizina ny trondrony Ratovoarison Seth, antsoina hoe « Seth », monina ao amin'ny fokontany Amberobe, kaominina Ambohitrambo, distrikan'Arivonimamo.

Niharan'ny halatra sy fanapoizinana ny trondrony i Seth. Very tamin'izany ny renin-trondro 2, lahin-trondro 16 sy zana-trondro manodidina ny 5 000 ary trondro matavy voapoizina.

Nidina nijery ny zava-nisy teny amin'ny toeram-piompiana ny zandary, ny APDRA, ny filoham-pokontany ary i Seth. Dobo iray sy tanimbary iray ritra no hitan'izy ireo. Nitsingevana teo ambonin'ny rano sisa tavela ny fatin-trondro.

Nametraka fitarainana tao amin'ny biraon'ny zandarimaria i Seth. Nahafahana namantatra ireo olon-dratsy ny fanadihadiana nataon'ny mpitandro filaminana.

Vokatry ny hafainganam-pihetsiky ny zandary sy ny manam-pahefana ifotony, nisy ny fifanarahana hanonerana ny fatiantoka nahazo ny mpiompy trondro. Nandoa onitra mitentina 2 000 000 Ariary ny olona telo tompon'antoka tamin'ny halatra sy ny fanapoizinana trondro. Nosintonin'ny niharam-boina araka izany ny fitoriany.



Fitsidihana dobo taorian'ny halatra sy fanapoizinana trondro nitranga

Atsimo Atsinanana

Miady amin'ny halatra ho fiantohana ny hoavin'ny fiompiana trondro

Maneho ny asa nataon'ny mpiompy trondro ao Vohitrarivo, kaominina Mahatsinjo, hampihenana ny halatra trondro sy hamporisihina ny fampiharana ny fiompiana trondro ity lahatsoratra ity.

Efa hatry ny ela no zatra maka trondro malalaka amin'ny tanimbary ny mponina aorian'ny fiakaran'ny vary. Trondro tsy misy mpiompy fa tonga ho azy amin'ny ankapobeny no hita ao an-tanimbary. Rehefa nivoatra ny fiompiana trondro an-tanimbary dia lasa fototry ny fifandirana io fomba io. Ankehitriny dia efa ny mpiompy izay mampiasa vola amin'ny fividianana zana-trondro, ny fanajariana sy ny fikojakojana tanimbary no tompon'ny trondro ompiana ao an-tanimbary.

Misy hatrany anefa ny mihevitra fa mbola azon'ny rehetra alaina izany. Maro araka izany ny tranga mikasika halatra hita. Nametraka fitarainana ny mpiompy sasany fa tsy nahazoam-bokatra mahafa-po. Ny tsy fanomezana lanja ara-toekarena ny fiompiana trondro sy ny fiheverana taloha fa « *tsy misy tompony ny trondro ao an-tanimbary* » no anisan'ny mbola mampitoetra io fomba io.

Manoloana izany, tapa-kevitra ny hihetsika ny mpiompy trondro ao Vohitrarivo hanentanana ny mponina amin'ny lalàna mifehy ny fiompiana trondro. Roa ny tanjona : hampihena ny halatra ary hamporisihina ny mponina hiompy trondro. « *Rehefa maro ny mpiompy trondro, liana ho azy amin'ny fiarovana ny trondrony ny tsirairay* », hoy i Manamila Zephyrin, mpiompy ao amin'ny faritra. Zava-dehibe ny ady amin'ny halatra hiantohana ny faharetan'ny fiompiana trondro ao amin'ny faritra, satria mety hahakivy ny mpiompy trondro sy hampikatso ny

fanohizany ny asany sy ny fahavitrihany ny fatiantoka aterak'izany.

Ho fanamafisana ny fanentanana, miara-miasa amin'ny mpanjaka Sila Jacquis, izay olona to-teny sy resy lahatra amin'ny lanjan'ny fiompiana trondro eo amin'ny toekarena ifotony sy ny fanjaran-tsakafo, ny mpiompy trondro. Imasoan'izy ireo ny fanetsehana ny fiaraha-monina hiarovana tsara ny fampiasam-bolan'ny mpiompy trondro sy hisian'ny tontolo ahafahan'ny fiompiana trondro mivoatra ao Vohitrarivo.



Vondron'ny mpiompy trondro ao Vohitrarivo, kaominina Mahatsinjo

LOHAHEVITRA : Inona no vaovao mikasika ny halatra trondro ?

Itasy

Manorina trano fiambenana eo amoron'ny tanimbary

Rasoamalala Myriame monina ao Igararana, kaominina Miarinarivo II, dia nanorina trano fiambenana eo amoron'ny tanimbary. Nanohana azy ny mpiompy trondro manodidina hany ka nanamafy ny fiarovana ny trondro sy ny firaisankinan'ny samy mpiompy.

Tokantrano 5 tao Igararana no nihan'ny halatra trondro tao an-tanimbariny sy ny dobo fitahirizana ray aman-drenin-trondro. Renin-trondro aman-jatony sy trondro tokony ho namidy no very. Vokat'izany, tapa-kevitra ny hanajanona ny fiompiana trondro ny sasany. Nisy kosa nanam-paharetana sy nitady vahaolana hisorohana ny halatra. Jiro izay mirehitra ho azy rehefa misy mandalo no novidian'izy ireo ka napetrany teo akaikin'ny dobo fitahirizana ray aman-drenin-trondro sy ny tanimbary fitaizana zana-trondro.

Tamin'ny septambra, nanorina trano teo amoron'ny tanimbary ny iray tamin'izy ireo, teo afovoan'ny sahan-driaka. Tapa-kevitra hanampy azy ny mpiompy mpifanolo-bodirindrina raha nahita izany satria ny mpiompy rehetra no misitraka ny fisian'ny trano sy mpiambina eo akaikin'ny tanimbary. Nampindramin'izy ireo azy maimaimpoana ohatra ny saretin'omby hitaterana fitaovana. Rehefa vita ny trano dia nanakarama sy nametraka mpiambina tao ny tompony.

Hatramin'izay dia tsy nitrangana halatra trondro intsony tao amin'ny faritra. Maminavina ny handray anjara amin'ny

fanampiana ny mpiambina ny mpiompy manodidina, toy ny fanomezana vary.



Ahafahana manara-maso ny tanimbary rehetra ny trano fiambenana

TARATASIN'NY MPAMAKY

Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 69 sy 70

« Ny fiofanana dia miantoka ny fahombiazan'ny fiompiana trondro. Mampitombo ny zotom-po amin'ny fampiharana ny fahalalana azo amin'ny fiofanana ny fanaovan'ny mpanentana fanjohiana sy ny fifampizarana miaraka amin'ireo mpiompy hafa. » Rakotomandimby Miaramisaina Jean Emilson (Mamarompoana-Antanety Sud, Inanantonana, Betafo, Vakinankaratra)

« Efa ela ihany aho no naniry ny hanatsara ny fiompiana trondro fa raha tsy nahazo fiofanana tsy nahita ny paikady hoentina nanatanterahana azy. » Rakotondrajaona Andriamananjara Augson (Mamarompoana-Antanety Sud, Inanantonana, Betafo, Vakinankaratra)

« Nanosika ny vadiko ho lasa mpiara-miasa amiko amin'ny fanajariana dobo barazy izay ataonay ny fanehoan-kevitr'i ramatoa Anastasie ao amin'ny laharana faha-69, vehivavy avy aty Atsimo Atsinanana koa, izay lasa mpitarika sy mpanaparitaka ny fiompiana trondro. » Zaka Razafimahazo Eugène (Mahatsinjo, Vondrozo, Atsimo Atsinanana)

« Misaotra amin'ny fifampizarana ny karazana fampiofanana misy any amin'ny faritra tsirairay. Efa iainanay mpiray vondrona izany, izay nametraka ny tenako ho teknisianina kanefa misy hatrany kosa ny fanatsarana azo atao taorian'ny famakiana ny lahatsoratra. » Harijaona Honoré (Vohimary Sud, Vondrozo, Atsimo Atsinanana)

« Rehefa namaky ny gazety aho dia hitako fa hay zavatra efa aty Itasy ilay fampiasana voaly hamefena ny atody. Tonga dia nozaraiko tamin'ireo mpamokatra zana-trondro rehetra ny vaovao ary efa nampihariko sahady mandritra izao famokarana izao. » Rakotondranaivo Mamitiana, antsoina hoe « Mamy » (Anosibe-Ambalalava, Miarinarivo II, Itasy)

« Tena mety aminay ny fomba fitaterana atodin-trondro izay nataon'ny olona avy ao amin'ny faritra Amoron'i Mania. » Ratsizafy Marcel (Besoa, Matsiatra Ambony)

« Mety aminay no sady mora ampiasaina amin'ny fiompiana trondro ny tain'omby noho izy akora tsy dia sarotra hita ety ifotony no miantoka ny fahaveloman'ny zana-trondro. » Randrianandrasana Vincent (Vohibato Ouest, Matsiatra Ambony)

« Niavaka tokoa ity gazety iray ity noho ny fahasamihafàn'ny zava-baovao karohin'ireo tantsaha any aminy. Misy tena ilaiko amin'izany, ohatra ny fampiasana voaly hiarovana zana-trondro mbola olitra, ny fambolena vonitra izay efa tantara sisa no heno ny amin'ny fisiany. » Lezoma Victor (Antanambao Mahatsara, Vatomandry, Atsinanana)

« Maro ny gazety efa novakiako fa ny laharana faha-70 izay mitantara ireo zava-baovao eo amin'ny famokarana zana-trondro na mikasika ny fiompiana trondro amin'ny ankapobeny no tena nahaliana ahy. » Sotema (Bekaraoky-Ampasimalemy, Vangaindrano, Atsimo Atsinanana)

« Manampy anay mpiompy vaovao mba hamenoana ny fampiofanana omen'ny mpanentana ny fifampizarana ireo zava-baovao avy amin'ny fikarohana nataon'ny mpiompy any amin'ny faritra hafa. » Rapetera Anastasie (Amporoforo, Farafangana, Atsimo Atsinanana)


« Tsara ny fiovaovan'ny lohahevitra isaky ny laharana, toy ny fiovaovan'ny resaka nahandro izay tena mahaliana ahy tokoa, ka isaorako ny mpanoratra. » Razanajaona Zanaline Georgine (Mahatsinjo, Vondrozo, Atsimo Atsinanana)

« Ny fanehoana fomba fahandro trondro anatin'ny gazety dia manampy hahay mahandro sady mandrisika hiompy trondro. » Raherininiriko Ferdinand (Ankaramena, Matsiatra Ambony)




SAMIHAF

Inona no atao manoloana ny halatra trondro ?



RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



- 1. Fakana zavatr'olona tsy an-drariny
- 2. Faly ny manao izay hahavao ny sasany, hanimba ny zavatra ny sasany
- 3. Fitambaran-javatra mikambana ho antontany iray na ho amboara iray
- 4. Toe-javatra iray misakana na manohintohina
- 5. Miampanga, milaza an-karihary ny hadisoana na heloka natao tany
- 6. Fiaraha-mientana entina manohitra tranga miteraka fahavoazana
- 7. Fiandrasana, fanaovana andry maso

Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 70

- 1. Atody
- 2. Mucuna
- 3. Miaro
- 4. Lay
- 5. Fantsona
- 6. Vano
- 7. Tsotra



APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvpr@apdra.org

Mofa pirina

Fangaro :

- Pirina 300 g
- Leviora simika 1 sotro fihinanana
- Lafarinina 200 g
- Rano 250 ml
- Sira iray sotro kely
- Tongolo gasy iray sotro kely
- Dipoavatra iray sotro kely
- Menaka fanendasana

Fikarakarana

1. Afangaro anaty lovia jobo ny akora maina rehetra
2. Arotsaka tsikelikely ny rano sady afangaro mafy
3. Arotsaka ny pirina madio sy nohamainina tamin'ny taratasy dia haroina moramora
4. Afanaina ny menaka (tsy mahamay loatra) ary arotsaka tsikelikely amin'ny sotro ny paty
5. Atao mendy mandritra ny 2 na 3 mn ny lafiny roa vao atsika
6. Aroso mafana miaraka amin'ny lasary voatabia sy tongolo

Mazotoa homana ô !



Mofa pirina ampiarahina amin'ny lasary voatabia

Talen'ny Famoahana

Philippe Martel

Tonian'ny Fanoratana

Sidonie Rasoarimalala

Mpanoratra

Herisoa C. Andrianantenaina

Iarison Sahobiniaina Herizo

Tsiry Rabarijaona

Noëlson Randriamialisoa

Samson Randriamiarintsoa

Mariette Rasoanantenaina

Donatien Razafindratsiry

Arnaud Samy